

RATSIMBA

Ny tantaran-dRATSI<sup>o</sup>SIMBA ANDRIAMANITRA

---

- 1- Ratsisimba Andriamanitra dia avy any anala <sup>o</sup>antsinanana, ka tsefatsefa-bato no nisy azy.
  
- 2- Tamin'Andrianampoinimerina, dia nandeha Andriamatoa Ravalotsalana, (anadahin-dRabodomirahalaha) ka tonga tany anala <sup>o</sup>antsinanana <sup>o</sup>akakin'Andrangoloaka, dia nisy olona nilaza tamin'ny hoe :  
- "<sup>o</sup>Tarantitra aza marofy hianao, tompokolahy ; Mifanantera <sup>o</sup>amy ny Manjaka : Misy Andriamanitra niteny taminay ka milaza hoe "Hanasoa ny efa soa aho, hanan'ny hery ny efa mahery aho ; izaho no tsy tanandahy, tanjaky ny osa, mason'ny jamba, aron'ny aretina, aron'ny basy aman-defona, ka ny mitàna ahy dia ho soa fa mitana Zanahary".
  
- 3- Izany, tompoko, no fitenin'izao zavatra izao, ka atao renao, fa hianao no tahaka an'Andrianampoinimerina no aty.
  
- 4- Ary nony nahare izany Andriamatoa Ravalotsalana, dia nanao hoe :  
- "Sao dia lainganareo ry lehiretsy, fa raha misy izany dia Andriamanitra tokoa.
  
- 5- - "Tsy aze itondrana lainga hianao, tompoko, hoy ny mpilaza, fa andeha hizaha azy fa ao izy izao, fa izay fiovàny anio no asa.
  
- 6- Dia hoy Ravalotsalana :  
- "Andeha ary ho any isika, na mba hisehoany aho na hiafenany.

L'Histoire du Divin RATSISIMBA

---

Divin Ratsisimba vient de la forêt de l'Est ; c'est dans une fissure de rocher qu'il se trouvait. -1

A l'époque d'Andrianampoinimerina, Andriamatoa Ravalontsalama, frère de Rabodomirahalaha, faisait un voyage et arriva dans la forêt de l'est à proximité d'Andrangoloaka. Il y eut des gens qui lui parlèrent en ces termes : -2

- "Longue vie et bonne santé, Monsieur. Vieillissez auprès du Souverain. Un Dieu nous a parlé et nous a dit : "Je ferai le bien à celui qui est déjà bien, j'ajouterai à la puissance de celui qui est déjà puissant ; moi je suis celui qu'un homme ne peut tenir, je suis la force du faible, les yeux de l'aveugle, la protection contre la maladie, la protection contre le fusil et la sagaie ; aussi celui qui me détient sera-t-il béni, car il détient Zanahary".

Voici, Monsieur, comment s'exprima cet être, et nous faisons en sorte que vous le sachiez, car vous, vous êtes ici comme le serait Andrianampoinimerina. -3

Et quand Andriamatoa Ravalontsalama eut entendu cela, il dit : -4  
- "Ne serait-ce pas un de vos mensonges, ô vous autres ; mais, si cela est, c'est vraiment un Dieu".

- "On ne peut vous apporter des mensonges, Monsieur, répondirent les interlocuteurs ; allons donc le voir, car il est là maintenant, mais on ne peut savoir s'il n'a pas changé". -5

Ravalontsalama dit : -6  
- "Allons-y donc, et l'on verra s'il se montrera à moi ou s'il s'en cachera.

- 7- Dia lasa hizaha izany Ravalotsalama sy ireo mpilaza ireo, ka nony tonga tao anati-àla akaikin'ny tsefatsefa-bato itoeran-dRatsi-simba Andriamanitra izy, dia niteny ireo mpitari-dalana hoe :
- "Jereo ary, tompoko, iry/<sup>ambony iry</sup>(fa teo ambanin'ny tséfa-bato nisy azy no nitsanganan'Andriamatoa Ravalotsalama etc.), fa indreo izy eo.
- 8- Dia nanopy ny masonry niakatra Ravalontsalama sy ny namany, ka indro nisy zavatra 3 mianaka nivangongo teo antenantenan'ny tsefatsefa-bato hitany, ka sany talanjona teo avokoa izy rehetra.
- 9- Dia hoy Ravalontsalama :
- "Misaotra anareo, lehiretsy, fa marina tokoa ny nolazainareo, taniko fa tsy nisy lainga. Andriamanitra mihitsy ireo, ka aiza no hahazahoantsika azy eny ?
- Dia hoy ireo olona ireo :
- "Asa, tompoko, fa ireo no izy ka hianao no mahalala izay hahazahoana azy, na ho mora na ho sarotra.
- Dia hoy Ravalotsalama :
- "Tsy hitako izay hahazahoantsika azy lehiretsy, ary na ho azo mora aza, hatao ahoana no ho fandrany azy eo, ka raha mamono io tsy mahafaty. Fa andeha hantsoina hoe : Raha Andriamanitra mahavelona hianao dia manatona anay, fa raha Andriamanitra hamono hianao dia mijanona eny hiany ? Manao ahoana raha izany no hataontsika, lehiretsy, ka raha tsy azo amin'izany izy dia ilaozantsika ?
- "Marina izany, hoy izy rehetra, fa tsy nisy azontsika hatao nihoatr' izany.
- 10- Dia niantso azy Andriamatoa Ravalotsalama, ka nanao hoe :
- 11- Raha Andriamanitra mahavelona hianao dia mba manatona ety aminay, fa raha Andriamanitra hamono hianao dia mipetraha eny hiany !

Ravalontsalama et ses interlocuteurs partirent donc pour le voir; -7  
quand ils arrivèrent dans la forêt à proximité de la crevasse où résidait  
divin Ratsisimba, ses guides lui dirent :

- "Voyez donc, Monsieur, tout en haut (car c'était en bas de la crevasse  
où il était qu'Andriamatoa Ravalontsalama etc. se tenaient), les voilà.

Ravalontsalama et ses compagnons jetèrent un coup d'oeil vers le -8  
haut, et voici qu'ils y virent, au milieu de la crevasse, un être avec  
ses deux enfants aux trois corps accolés. Aussi furent-ils tous frappés  
d'étonnement.

Ravalontsalama dit :

- "Je vous remercie, ô vous que voilà, car ce que vous m'avez dit, était -9  
vrai et sans mensonges. Ce sont là vraiment des Dieux - Mais par où passer  
pour les prendre là-haut ?

Les gens dirent :

- "On n'en sait rien, Monsieur. C'est bien d'eux dont il s'agit, et vous  
seul savez comment faire pour les obtenir, si cela doit être facile ou  
difficile.

Ravalontsalama dit :

- "Je ne vois pas comment nous pourrions les obtenir, et même si ce doit  
être facile, comment faire pour les prendre là, car s'ils opposent une  
résistance, cela ne serait-il pas mortel ? Et si nous les invoquons  
en ces termes : "si vous êtes Dieu qui donnez la vie, approchez-vous  
donc de nous, mais si vous êtes Dieu qui portez la mort, restez donc où  
vous êtes ? Que penser de cette façon de faire, ô vous autres ? Et si on  
ne l'obtenait pas de cette façon, nous l'abandonnerions".

- "C'est juste ; dirent-ils tous, car nous n'avons pas de meilleur moyen  
que celui-là de l'obtenir.

Andriamatoa Ravalotsalama l'appela en ces termes : -10

- "Si vous êtes Dieu qui donnez la vie, daignez vous approcher de nous, -11  
mais si au contraire vous êtes Dieu qui devez apporter la mort, restez  
bien où vous êtes !

- 12- Raha vao tapitra izany fiantsoan-dRavalotsalana azy izany, dia niainga nitety ny àla hanatona azy Ratsisimba Andriamanitra ka ny ala izay noteteziny dia may forehitra <sup>o</sup> hatramy ny fakany.
- 13- Dia gaga sady raiki-tahotra izy rehetra ka niantsoantso hoe :  
- "<sup>o</sup>Soa dia mandoro anay re hianao Andriamanitra o !
- 14- Dia nisy feo nentin'ny rivotra, ka nilaza tamin'izy rehetra hoe :  
- "Matokisa, fa tsy ho may tsiakory hianareo, fa izy no fanefitry ny afo, aron'ny loza, odi-aina, ka hoavy tsy hamono anareo izy, fa ho avy araky ny hatakareo, ka ny tany no may ary ny ala no forehitra, hanambara ny heriny sy hilaza ny voninahiny, hatokisanareo azy tsara ; fa hataonareo ahoana noa no hitady ny osa, fa ny osa tsy azo ho nanana, fa raha manana ny mahery, dia mahery mbamy ny momba azy koa".
- 15- " Ka ny herin'io Ratsisimba Andriamanitra io, dia hery tsy azo simbàna, fa Andriamanitra mahadoro ny tany, monina eny antanantenan-<sup>t</sup> tsolatra, mipetraka eny antsefatsefa-bato".
- 16- Izany no feon'ny rivotra nampionona ny tahotr'izy rehetra.
- 17- Dia afaka ny <sup>o</sup> tahotry Ravalotsalana, ka niantso azy indray hoe :  
- "Raha Andriamanitra masina tokoa hianao, ka hamonjy sy hahasoa anay, fa tsy handratra anay, toy ny famelinao ny hazo sy ny tany, dia mandrosoa fa hanasina anao amin'ity volatsivaky ity aho - sady narosony ny vola-tsivaky.
- 18- Dia tany hanatona azy Ratsisimba Andriamanitra. Ary raha mbola lavitra, dia nananintanina nahamay toa tsy ho laitra hakaikazina, fa

L'appel que Ravalotsalana avait lancé était à peine fini que divin Ratsisimba s'élança à travers la forêt vers lui ; et la partie de la forêt qu'il parcourait, se mit à brûler complètement, racines comprises. -12

Ils étaient tous étonnés et saisis de peur, et ils crièrent :  
- "N'allez-vous pas nous brûler, ô Dieu?" -13

Alors une voix apportée par le vent leur dit à eux tous :  
- "Ayez confiance, vous ne serez en rien brûlés, car il est le charme qui protège du feu, celui qui protège du malheur, le charme de vie ; aussi viendra-t-il sans vous tuer, car il est en train de venir selon votre demande. Et si c'est la terre qui est brûlée et la forêt qui est consumée, c'est pour annoncer sa force et proclamer son honneur, afin que vous ayez parfaitement confiance en lui. A quoi vous servirait-il de rechercher ce qui est faible puisque les faibles ne peuvent être des alliés, tandis que si l'on détient ce qui est puissant, même ceux qui les suivent deviennent puissants." -14

Et la puissance de ce divin Ratsisimba est une puissance que l'on ne peut abîmer, car il est le Dieu qui a pouvoir de brûler la terre, qui réside à mi-hauteur du versant, qui demeure dans la fissure d'un rocher". -15

Voilà comment la voix du vent calma leur peur à tous. -16

La peur de Ravalotsalana s'évanouit et il l'appela encore une fois :  
- "Si vous êtes vraiment un Dieu saint, si vous voulez nous protéger et nous faire du bien, et non nous blesser à la façon dont vous frappez les arbres et la terre, avancez que je vous fasse l'offrande de la monnaie-entière qui est dans mes mains", en même temps il présentait la monnaie-entière. -17

Divin Ratsisimba vint en sa direction. Et alors qu'il était encore assez loin, il dégageait une chaleur si brûlante qu'il semblait qu'on ne -18

tsemboka toy ny mievoka Ravalotsalama sy ny nanany teo, ary nony tonga teo akaiky, dia nangatsiaka toy ny fanala indray izy.

19- Dia gaga tamin'izay izy rehetra, ka loa-bolana hoe :

- "Ity no Andriamanitra tokoa, fa mahay manova ny zavatra rehetra, fa vetivety mafana ary vetivety mangatsiaka. Koa isaorana anie ity Andriamanitra ity mba hanananay ny rariny.

Dia nipetraka teo anoloan-dRavalotsalama sy ny nanany io Andriamanitra io ka nahasondrian-tory azy rehetra.

20- Dia nilaza tsindri-mandry <sup>o</sup>tamy ny nofy izy, ka nisy feo hoe :

- "Izaho no mpanaso ny Mpanjaka, mpanaso vahoaka, mpanaso ny vary, mpiaro ny jiolahy, mpiaro ny fahavalo, herin'ny tanàna, famonjen'aimbahoaka ; ka samatra ny mponina izay misy ahy, fa sady tsara mpiaro no tsara Andriamanitra ; fa izaho no tsy laitry ny bala, tsy laitry ny lefona, tsy laitry ny antsy, tsy laitry ny fively ; fa izay manimba no simba, fa izaho no Ratsisimba Andriamanitra, Andriamanitra tsy mba mandefitra fa manan-kery hanohitra ny fahavalo rehetra".

21- Ary nony nony tsara izany tsindrimandry izany, dia nahatsiaro izy rehetra, ka niteny Ravalotsalama hoe :

- Andriamanitra efa nandray hasina hianao, ka andeha isika mba hana-soa an'Andrianampoinimerina.

22- Dia nanaiky izany Ratsisimba, ka <sup>o</sup>niatsampy eny an-damosin-dRavalotsalama ka nentiny nody eny Ambatomanoina, ka lasa nankeny <sup>o</sup>amy ny Anabaviny eny Ambohijoky izy fa eny no misy an-dRabodomirahalaly, ka nilaza hoe :

- "<sup>o</sup>Tarantitra aza marofy hianao, tompokovavy, mifanantera <sup>o</sup>amy ny vadinao. Mba lazao <sup>o</sup>amy ny vadinao fa tany anala aho, ka nahita Andriamanitra tao antsefatsefa-bato.

Dia hoy Rabodomirahalaly :



pouvait pas s'en approcher. Ravalotsalama et ses compagnons transpire-  
rent comme s'ils prenaient un bain de vapeur. Et quand il arriva à pro-  
ximité, il fit froid comme s'il y avait de la gelée blanche.

Ils étaient tous étonnés de cela, et ne purent s'empêcher de dire: -19  
- "C'est celui-ci qui est un vrai Dieu, car il sait changer toute chose;  
vite il devient chaud, et vite il devient froid. Aussi peut-on remercier  
ce Dieu afin qu'il nous soit fait justice.  
Ce Dieu demeura là au milieu de Ravalotsalama et de ses compagnons, et  
les plongea tous dans le sommeil.

Les possédant, il leur dit ces paroles dans leur rêve : -20  
- "Je suis le bienfaiteur du Roi, le bienfaiteur du peuple, le bienfai-  
teur du riz, le protecteur contre les brigands, le protecteur contre les  
ennemis, la force du village, la sauvegarde de la vie des sujets. Aussi  
les habitants du pays où je suis sont-ils heureux, car ils ont à la fois  
un bon protecteur et un bon Dieu. C'est moi qui puis résister aux bal-  
les, puis résister aux sagaies, puis résister aux couteaux, puis résis-  
ter aux gourdins. En effet, c'est celui qui veut endommager qui est en-  
dommagé, car je suis divin Ratsisimba, le Dieu qui ne plie pas mais qui  
possède la puissance pour s'opposer à tous les ennemis".

Et quand ils eurent entendu cette révélation, ils revinrent tous -21  
à eux et Ravalotsalama prit la parole :  
- "Vous êtes un Dieu qui a déjà reçu l'offrande ; alors venez que nous  
allions faire le bien d'Andrianampoinimerina.

Ratsisimba accepta cela et sauta sur le dos de Ravalotsalama. Ce -22  
lui-ci l'emporta chez lui à Ambatomanoïna. Puis il se rendit chez sa  
soeur à Ambohijoky, car c'est là que demeurait Rabodomirahalahy, et il  
lui dit :  
- "Longue vie et bonne santé, Madamo vivez vieille auprès de votre  
époux. Vous seriez aimable de dire à votre époux que suis allé dans la  
forêt et que j'y ai trouvé un Dieu dans la fissure d'un rocher.  
Rabodomirahalahy dit :

- "Aiza izay Andriamanitra, ranadahy ?

Dia hoy Ravalotsalama :

- "Any Ambatomancina izy, tompoko, nefa raha hantsoina eto izy dia ho tonga eto ankehitriny izao hiany.

- "Antsoy ary ny Andriamanitrao mba ho hasiniko sy homeko (1) voninahitra.

23- Eny ary fa hiantso azy aho, hoy Ravalotsalama, nefa aiza no hampamantànana azy ?

Dia hoy Rabodomirahalaha :

- "Ato Ambohijoky hiany, ka rehefa tonga vao nilaza amin'Andriamampoinimerina aho.

24- Ary nony voalaza izany dia nisy rivotra avy any avaratra, ka nahamay izany rivotra izany noho ny herin'io Andriamanitra io. Dia hoy Rabodomirahalaha :

- "Loza izany hamain'izany Andriamanitra izany lahy, ° androa dia mandoro izany raha tonga eto, faany lavitra any aza izy dia efa mananintanina tsy laitra ka he, miova tsy ny notenehin'afo erỳ aho izao, nefa ririnina izao ny andro.

25- Dia hoy Ravalotsalama :

- "Izany Ramatoa no nahaze anay ° tany ny nakana azy tany anàla, fa raha vao nanatona azy izahay dia nahamay toa tsy ho azo hakekezina akory, nefa nony mifanakaiky dia tonga mangatsiaka toy ny fanala indray izy.

Dia hoy Rabodomirahalaha :

- "Hay tsy handoro antsika izy akory ?

- "Eny, hoy ny anadahiny.

26- Rehefa vita izany, dia indro tonga teo tokoa Ratsisinba Andriamanitra ka tsy nampaninona akory. Dia hoy Rabodo :

27- "Tonga ity ny Andriamanitra, ka ny masoko no efa mahita azy izao fa tsy lazan'olona intsony, ka handeha aho hilaza azy amin'Andriamampoinimerina.

---

1) Ms : Ho meko

- "Où est donc ce Dieu, frère ?

Ravalotsalama dit :

- "Il est à Ambatomanoïna, Madame, toutefois si on l'appelle ici, il y viendra immédiatement.

Rabodomirahalahy dit ces mots :

- "Appelez donc votre Dieu que je lui fasse offrande et que je lui fasse honneur.

- "Eh bien oui, je vais l'appeler, dit Ravalotsalama, mais vers où le dirigera-t-on ? -23

Rabodomirahalahy dit :

- "Mais ici à Ambohijoky. Ce n'est que quand il sera arrivé, que j'en parlerai à Andrianampoininerina.

Et, ceci dit, il y eut un vent venant du nord, et c'était un vent brûlant à cause de la puissance de ce Dieu. Rabodomirahalahy dit : -24

- "C'est terrible, la chaleur brûlante de ce Dieu ! Ne va-t-il pas provoquer un incendie en arrivant ici, puisque même de si loin, il dégage déjà une chaleur insupportable. Voyez ne suis-je pas telle que je suis, comme si j'étais exposée au feu, alors que nous sommes en hiver.

Ravalotsalama dit :

- "Voici, Madame, ce à quoi nous avons eu droit lorsqu'on le prit dans la forêt. En effet, lorsque nous nous approchâmes de lui pour la première fois il était si brûlant qu'il semblait qu'on ne pourrait pas s'en approcher. Et pourtant dès que l'on en est proche, il devient aussi froid que la gelée blanche. -25

Rabodomirahalahy dit :

- "Ainsi donc il ne va pas nous brûler !

- "Non, dit son frère.

Après quoi, voici que Divin Ratsisimba arriva pour de bon et il ne fit aucun mal. Rabodo dit : -26

- "Voici donc le Dieu arrivé ; mes yeux l'ont maintenant vu, et ce n'est plus par ouï dire que je le connais. Aussi vais-je aller l'annoncer à Andrianampoininerina. -27

- 28- Dia lasa nianavaratra Rabodomirahalaly, ka tonga tany Antanana-  
rivo, dia nilaza tamin'Andrianampoinimerina hoe :
- "Misy Andriamanitra vao tonga ao amiko, ka Ratsisimba Andriamanitra  
no anarany, ka tsy simba intsony ny fanajakanao, fa nahazo Andriamanitra  
tsy mety simba hianao.
- 29- Dia (1) faly Andrianampoinimerina nony nandre izany, fa ny vadi-  
ny no nilaza izany, ka izao kosa no nataony <sup>o</sup>tany ny vavy :
- "Matoky aho fa tenako hianao, ka ny masoko ankavanana izao efa nahita  
fa ny masoko ankavia no sisa hijery, fa ny masoko ankavanana hianao Ra-  
bodomirahalaly ary ny masoko ankavia dia ny tenako, ka tsy mety raha tsy  
miara-mijery izako sy hianao.
- 30- - "Marina izany, hoy Rabodomirahalaly, fa hantsoiko izao ny An-  
driamanitra fa any Ambohijoky izy izao, ka raha miantso azy aho dia ho  
tonga izy.
- 31- Dia niantso azy Rabodomirahalaly ka tonga teo Ratsisimba Andria-  
manitra, ka nampiseho ny heriny sy ny voninahiny <sup>o</sup>lehibe tokoa izy ta-  
min'io andro nihacnany <sup>o</sup>tany ny Andriana io, ka izao no zavatra nase-  
hony : Nisy lelafo fito mandeha eo anoloany, ary tadio tsy hita-maso  
nifofofoto manaraka azy aoriany, ary misy ~~avana~~ mijoro avy eo andaniny  
roa - ao ankavanana sy ankavia, ary misy rantsa-tanana eo <sup>o</sup>any ny elany  
ao an-damosiny, ary ny orony mamoka setrok'afo sy misy zavatra mena  
mizarazara miaraka <sup>o</sup>any ny setroka, mamoka tana-masoandro manirapira-  
tra tsy laitra jerena koa ny fiainany, ary ny masony fito. Andriamani-  
tra tsy nba soloim-bava, <sup>izy</sup> fa izy no milaza izay ataony hahasoa, ka raha  
tafahaona aminy hianao Andrianampoinimerina, dia manasina azy, fa hila-  
za zava-tsoa aminac izy. Dia hoy Andrianampoinimerina :
- "Eny, fa hanasina azy aho raha vao mahita azy.

Rabodomirahalahy partit en direction du nord, et, arrivée à Tananarive, s'adressa ainsi à Andrianampoinimerina : -28

- "Il est un Dieu qui vient d'arriver chez moi. Divin Ratsisimba est son nom. Votre règne ne connaîtra plus aucun dommage, car vous avez obtenu un Dieu que rien ne peut endommager.

Andrianampoinimerina se réjouit d'entendre cela, car c'était sa femme qui le lui annonçait. De son côté, voici ce qu'il dit à sa femme : -29  
- "J'ai confiance car vous êtes moi-même. Mon oeil droit, dès à présent, a déjà vu, et seul mon oeil gauche a encore besoin de voir, car vous Rabodomirahalahy, vous êtes mon oeil droit et c'est moi-même qui suis l'oeil gauche. Aussi est-il préférable que nous voyons ensemble.

- "C'est vrai, dit Rabodomirahalahy, je vais donc tout de suite appeler le Dieu, car il est en ce moment à Ambohijoky. Et si je l'appelle, il viendra. -30

Rabodomirahalahy l'appela et divin Ratsisimba arriva. Il manifesta vraiment sa puissance et sa grande distinction en ce jour où il rencontra le Prince. Et voici ce qu'il manifesta : Sept langues de feu le précédaient ; un tourbillon invisible soufflant violemment le suivait par derrière ; et deux arcs-en-ciel s'élevaient sur chacun de ses côtés, à droite et à gauche ; ses ailes dorsales, avaient des doigts comme une main ; de son nez sortait une fumée, dans laquelle on distinguait des lueurs rouges ; son souffle expirait aussi des rayons de soleil dont le regard ne pouvait supporter l'éclat, et ses yeux étaient au nombre de sept. C'était un Dieu (1) qui n'utilisait pas de porte-parole, car c'était lui qui annonçait le bien qu'il allait faire, et lorsque vous, Andrianampoinimerina, vous serez en sa présence, faites lui offrande, il vous dira de bonnes choses. -31

Andrianampoinimerina dit :

- "Oui je lui ferai offrande dès que je le verrai."

---

1) A partir de ces mots, c'est probablement la conversation de Rabodomirahalahy et d'Andrianampoinimerina qui est rapportée.

- 32- Rehefa tonga Ratsisimba Andriamanitra, dia niditra avy any ambovonana, ka niteny tamin'Andrianampoinimerina hoe :
- "Matokisa hianao fa tonga aho, fa tsy niafina any anati-vato intsony aho na miery any anati-ala, fa tonga hahasoa anao. Fa izaho no Andriamanitra mahabe lamba anao sy mampiadana ny vahoakao ary handresy ny fahavalonao. Tsy olonkafa intsony no nitenenako ka hampiahiahy anao, fa izaho Andriamanitra no efa miteny aminao ; ka sambatra indrindra hianao, fa ny vavako no efa nanome toky anao, hahasoa anao sy ny fanjakanao mandrakizay.
- 33- Dia faly Andrianampoinimerina raha nandre izany toky nomeny izany.
- 34- Ny feon'io Ratsisimba Andriamanitra io koa moa, dia mirohondrohona toy ny kotroka, . fa izy no avo-feo.
- Eto Antananarivo izy no manome toky an'Andrianampoinimerina, ka ny any Ambohijoky koa dia mahare tsara ny teniny toy ny feon-basy, ary ny lâlana azo tampodiana dia sany mahare ny feon'io Andriamanitra io avokoa, na ny avaratra na ny atsimo, na ny andrefana na ny antsinanina, ary ny lâlambe lavitra, aleha indray andro koa aza, mahare ny feony, toy ny feon'ny kotroka malemy. Andriamanitra mahery teny Ratsisimba sady mahery Mpanjaka nohatonina.
- 35- Nitombo ny fitiavan'Andrianampoinimerina an-dRatsisimba Andriamanitra noho izany toky nomeny azy izany, ka tsy mba ny olon-kafa any ivelany no nampitehiriziny io Andriamanitra Ratsisimba io , fa ny vadin'ny mihitsy no nilatsaka nitahirany sy nanompo azy tao Ambohijoky.
- 36- Taty aoriana dia nisy fahavalo nanohitra an'Andrianampoinimerina, nefa noresen-dRatsisimba Andriamanitra ka resy ny fahavalo, dia nanasina sy nanome voninahitra azy Andrianampoinimerina.

Lorsque divin Ratsisimba arriva, il entra en venant par le faite du toit et s'adressa à Andrianampoinimerina en ces termes : -32

- "Ayez confiance car je suis arrivé. Je ne me cache plus dans un rocher, ni ne me dissimule dans la forêt, mais je viens pour votre bien. Je suis en effet le Dieu qui puis vous procurer de nombreuses toges, qui donne le bonheur paisible à votre peuple ; et qui vaincrai vos ennemis. Ce n'est pas par personne interposée que je vous ai parlé - ce qui pourrait vous inquiéter, mais c'est moi-même, le Dieu, qui vous parle en ce moment. Et vous êtes le plus heureux car c'est ma bouche qui déjà vous a donné l'assurance de faire pour l'éternité votre bien et celui de votre royaume".

Andrianampoinimerina fut satisfait d'entendre cette assurance qu'il lui donnait. -33

Quant à la voix de ce divin Ratsisimba, eh bien, elle grondait comme le tonnerre, quoique ses paroles fussent aussi distinctes que celles des hommes, à ceci près qu'elle était très forte - C'est ici à Tananarive qu'il donna à Andrianampoinimerina cette assurance, mais les gens d'Ambohidjoky entendaient ses paroles aussi bien que le son du fusil ; à une demi-journée de marche à la ronde tout un chacun entendit la voix de ce Dieu, tant au nord, au sud, à l'ouest qu'à l'est ; et plus loin, même à une journée de marche à la ronde, on entendit sa voix comme l'éclat d'un tonnerre adouci. Ratsisimba est un Dieu puissant par la voix tout autant que puissant par le Roi dont il s'est approché. -34

L'amour d'Andrianampoinimerina envers divin Ratsisimba augmenta à cause de cette assurance qu'il lui avait donnée, et ce ne fût nullement à des gens de l'extérieur qu'il confia la garde de ce divin Ratsisimba, mais ce fut sa propre femme qui s'abaissa à le garder et à le servir à Ambohidjoky. -35

Par la suite, il y eut des ennemis qui s'opposèrent à Andrianampoinimerina, mais divin Ratsisimba les vainquit et les ennemis furent -36

- 37- Ary nony ela no nifamaliany soa toy izany dia niamboho Andrianampoinimerina, ka Ilehidama I no nisolo azy, ho <sup>o</sup>mpanjakany Madagascar.
- 38- Lehidama [ dia tia an-dRatsisimba Andriamanitra sy Rabodomirahalaly fa Rabodomirahalaly no farafara nandrian'Andrianampoinimerina, ka tsy nohadinoiny ka raha mahatsiaro azy Lehidama I, dia Rabodomirahalaly no ateran' zavamamy etc.
- 39- Nanan-daza: <sup>o</sup>tany ny ady Lehidama I, ka na aiza na aiza tafika nalehany nitondran' io Andriamanitra io, dia mpandresy hiany izy ka mangorona babo betsaka, fa tsy laitry ny basy sy ny fomban-piadiana rehetra moa ny Miagamila mitondra io Andriamanitra io.
- 40- Tsy izany hiany fa ny feon'io Andriamanitra io koa aza dia maharesy ny fahavalo ambony hiany, fa raha vao miteny izy, dia mirohondrohona toy ny kotrokorana ny feony, ka efa mahatsiravina ery, hany ka manaiiky ny fahavalo.
- 41- Rehefa tonga avy nandresy avy any an-tafika izy rehetra, dia manao fifaliana Lehidama I, ka mamono omby <sup>o</sup>hatramy ny 50 na 100 - 150 aza ho fifaliana anin-dRatsisimba Andriamanitra, arom-basy aman-defona.
- 42- Ary nony taorian'ny dia niamboho indray Lehidama I, ka Inavo izay natao hoe, Rabodonandrianampoinimerina na Ranavalona I no nanjaka nisolo azy.
- 43- Izy dia tia an-dRatsisimba Andriamanitra koa ka raha misy fahavalony, na <sup>o</sup>amy ny sakany avaratra na <sup>o</sup>amy ny sakany atsimo na <sup>o</sup>amy ny



vaincus. Andrianampoinimerina alors lui fit offrande et lui fit honneur.

Et lorsqu'ils se furent longtemps de cette façon rendu le bien pour le bien, Andrianampoinimerina trépassa et ce fut Ilehidana I qui le remplaça comme Roi de Madagascar. -37

Ilehidana I aimait divin Ratsisimba et Rabodomirahalaly, car Rabodomirahalaly était le lit sur lequel avait reposé Andrianampoinimerina (1). Il ne l'oublia pas, et quand Ilehidana I se souvenait de son père, c'est à Rabodomirahalaly qu'il offrait des douceurs, etc.. -38

Ilehidana connut la gloire guerrière, parce que sa force était en divin Ratsisimba ; aussi quel que fût le lieu où il conduisait l'armée, il emportait ce Dieu. Ce fut vraiment un vainqueur qui raffla beaucoup de butin, car ni le fusil, ni aucune autre arme n'avaient d'effet sur les Milizaires qui portaient ce Dieu. -39

Et ce n'est pas tout car il suffisait même<sup>de</sup> la voix de ce Dieu pour vaincre les ennemis sans combat : en effet, dès qu'il parlait, sa voix grondait comme le tonnerre ; et elle était si terrifiante que les ennemis se soumettaient. -40

Lorsque tous revenaient d'expéditions victorieuses, Ilehidana I organisait des réjouissances et tuait jusqu'à cinquante, cent et même cent cinquante boeufs pour fêter divin Ratsisimba, qui protégeait des fusils et des sagaies. -41

Et, plus tard, Ilehidana I trépassa à son tour et ce fut Imavo, que l'on appela Rabodondrianampoinimerina ou Ranavalona I qui régna à sa place. -42

Elle, elle aimait aussi divin Ratsisimba et quand elle avait des ennemis tant du côté du nord ou du côté du sud que du côté -43

---

1) c'est-à-dire ; sa veuve, mais qui avait été, de son vivant, une femme sur qui il put se reposer au sens moral.

- lavany andrefana na <sup>o</sup>amy ny <sup>o</sup>antsinanina, dia Ratsisimba Andriamanitra no Mpandresy sy herin'ny Miaranila <sup>o</sup>amy ny ady sarotra sy ny aretina toy ny tazo etc.
- 44- Ary rehefa tonga ny <sup>o</sup>mpitafika, dia tsy miova ny fanao, fa samy manasina ny Andriamanitra avokoa ny Vahoaka sy ny Mpanjaka.
- 45- Ary tato aoriana dia niamboho indray Ranavalona I, ka Ikotoseheno izay natao hoe Lehidama II no nanjaka nisolo azy.
- 46- Radama II io kosa nanadino (1) an-dRatsisimba Andriamanitra ka nitondra tapany, ka nataon'ny olona hoe :  
- "Nanaraka ny olon-tiany izy.
- 47- Dia Rabodozanakandriana izay natao hoe : Rasohermanjaka indray no nanjaka nisolo ny 12 Manjaka.
- 48- Rasoharina dia tia an-dRatsisimba Andriamanitra, ka ny soa nataony sy io Andriamanitra io dia nifamaly tsara.
- 49- Raha nitsangatsangana tany Antanimandry Rasoharina, dia tany koa Ratsisimba Andriamanitra, ary nony nody ny Andriana dia tsy niala teny io Andriamanitra io. Nisy tabataba tao Antananarivo tamin'izay, ka Ratsisimba Andriamanitra no niara-nipetraka <sup>o</sup>tany ny Andriana tao Ambo-ditsiry sy nahavita izany tabataba izany.
- 50- Dia nateran'ny Andriana ariary 300 Rabodomirahalaha hampiseho ny tsy fanadinoany azy sy ny fitiavany an-dRatsisimba Andriamanitra.
- 51- Izany rehetra izany no soa nifamaliany sy Ratsisimba Andriamanitra, dia niamboho indray Rasoharina, ka Ramoma izay natao hoe Ranavalona II no nanjaka.
- 52- Raha vao nanjaka Ranavalona II dia Rabodomirahalaha no nampalainy hitsio-drano azy, fa Ratsisimba Andriamanitra tsy nohetsehin'ny akory.

---

1) Ms : nananadino

du côté  
de l'ouest ou/de l'est, c'est divin Ratsisimba qui en était le Vainqueur  
et la puissance des Militaires dans les combats difficiles, et contre  
les maladies telles que la fièvre etc.

Et pour les retours d'expédition les cérémonies étaient les mêmes -44  
car la Reine aussi bien que le peuple faisaient offrande au Dieu.

Et par la suite, Ranavalona I trépassa elle aussi, et ce fut Iko- -45  
toseheno que l'on appela Lehidama II, qui régna à sa place.

Ce Radama II, quant à lui, oublia divin Ratsisimba. Aussi ne gou- -46  
verna-t-il qu'à moitié, ce qui fit dire aux gens ces mots : "Il suivit  
les gens qu'il aimait".

Ce fut Rabodozanakandriana, que l'on appela Rasoherimanjaka, qui -47  
à son tour régna à la place des Douze-Régnants.

Rasoherina aima divin Ratsisimba ; et le bien qu'ils accomplirent -48  
elle-même et ce Dieu, fut bien réciproque.

Quand Rasoherina s'en fut promener à Antanimandry, divin Ratsisim- -49  
ba y alla également, et quand la Princesse s'en revint, ce Dieu ne la  
quitta pas. Il y eut des troubles à Tananarive à cette époque ; aussi  
est-ce divin Ratsisimba qui demeura avec la Reine à Amboditsiry et qui  
put mettre fin à ces troubles.

La Princesse fit alors porter trois cents piastres à Rabodominaha- -50  
lahy pour lui montrer qu'elle ne l'oubliait pas (1) et qu'elle aimait  
divin Ratsisimba.

C'est en tout cela que résida le bien qu'elle-même et divin Ra- -51  
tsisimba se rendirent mutuellement. Rasoherina trépassa alors, et ce  
fut Ramoma que l'on appela Ravavalona II qui régna.

Quand Ranavalona II allait recevoir le pouvoir, c'est Rabodoni- -52  
rahalahy qu'elle fit venir pour la bénir, mais elle ne déplaça même  
pas divin Ratsisimba.

---

1) La traduction rétablit une négation négligée dans le texte malgache.

53- Ary nony taoriana kely, dia niseho <sup>o</sup>tamy ny Ambanilanitra izy, ka niantso hoe :

-- "Ankiniko amin'Andriamanitra ny fanjakako, fa ho dorako avokoa ny sampy fa tsy Andriamanitra marina.

54- Dia niranina ho eny Ambohijoky Rainimananantoanina Andriamaba-venty handoro an-dRatsisimba Andriamanitra, ka nandahatra io tenin'Andriana io aloha.

55- Dia nitey Rabodomirahalaha hoe :

- "Izay sitrapony, Itonpokovavy, dia <sup>o</sup>mahatarantitra azy, fa tsy anay fa azy, ka ny "anjakan-kandidiana".

Rabodomirahalaha dia efa antitra dia antitra tamin'izay, fa izy no lazaina ho ela-velona indrindra teto Madagasikara.

56- Dia hoy ny irak'Andriana :

-- "Avoahy ary Itsisimba ho dorana.

Rehefa navoaka Itsisimba Andriamanitra, dia nodorana teo andrefan'ny trano manara.

57- Dia nirehitra Itsisimba telo mianaka, ka ny lelafo dia nidedade-da manga ery, fa nonto menaka moa ka. Fa iza no nanampô any Itsisimba, izay mba ho may akory ? fa azon'ny afo tsy mahaso zavatra moa, ka aiza no tsy ho levona.

58- Dia tonga nataon'ny olona fitenenana hoe :

" Itsisimba aza nanao tsy ho simba

"Simban'ny afo

"Ka raha manao hafahafa <sup>o</sup>amy ny fanjakana ialahy,

"Dia simban'ny afo".

59- Izany no namparan-dRatsisimba Andriamanitra, dia nody izahay, ka samy nieritreritra ny hanombo an'Andriamanitra marina.

60- Ity ambany ity no sarin-dRatsisimba 3 mianaka Andriamanitra tao Ambohijoky.

.....

-----

Et peu de temps après, elle parut aux Ambanilanitra et proclama: -53  
- "Je confie à Dieu mon royaume ; je brûlerai tous les palladium, car ce ne sont pas de vrais Dieux".

On dépêcha à Ambohijoky l'Andriambaventy Raininananantoanina -54  
pour brûler divin Ratsisimba ; mais auparavant il exposa cette sentence royale.

Alors Rabodomirahalaly prit la parole : -55  
- "Que la volonté de Notre Dame lui procure longue vie, parce qu'il n'est pas à nous mais à elle, et parce qu'on "règne pour décider". Rabodomirahalaly était déjà très vieille et l'on dit que c'est elle qui vécut le plus longtemps à Madagascar.

L'émissaire de la Reine dit : -56  
- "Puisqu'il en est ainsi, veuillez sortir Itsisimba pour qu'on le brûle!"  
Quand on eut sorti divin Ratsisimba, on le brûla à l'ouest de la maison froide (1).

Itsisimba et ses deux enfants flambèrent, les flammes ardaient -57  
belles et bleues, car il faut dire qu'il était bien imprégné de graisse ! Mais qui aurait cru que ce serait à Itsisimba qu'il pourrait arriver de brûler ? Mais proie du feu qui ne sait pas respecter ce qui est bien, comment n'aurait-il pas été réduit en cendres ?

De la vient le dicton que les gens en firent : -58  
" Itsisimba même qui pensait bien échapper à la destruction  
" Fut détruit par le feu.  
" De même, toi, si tu as un comportement douteux à l'égard du pouvoir,  
" Tu seras détruit par le feu.

C'est ainsi que finit divin Ratsisimba. Ensuite, nous sommes -59  
rentrés et chacun de nous pensait à servir le vrai Dieu.

Voici ci-dessous l'aspect de Ratsisimba avec ses deux enfants, -60  
Dieux qui étaient à Ambohijoky.

.....  
-----  
1) Trano manara : maison froide, désigne la petite maison construite sur le tombeau des princes.